FANILON'MADAGASIKARA

BE Francia

CATEGORIE: Lalàna fototra, lalam-panorenana ary fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra

INSTITUTION: ***GOUVERNANCE***

FIHAONAM-BE NASIONALY FAHAROA MOMBA NY FAMPIHARANA NY FENITRA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA

DATY

HOTEL COLBERT ANTANANARIVO

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

ILAY TETIKASA

- Tantarao fohifohy ny mombamomba ilay tetikasa nataonao. Inona ny maha-zava-dehibe izany tetikasa izany?

Sary, taratasy fanamarinana sns.

Manabe sy mikolokolo tovolahy sy tovovavy mba ho olom-banona, andray anjara eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra na ara-panahy, na eo amin'ny firenena satria volavolaina ireo tanora ireo mba sahy andray anjara eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra , miatomboka eo amin'ny tokan-trano ka mahavita mandray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena

Tantarao fohifohy ny antony nahatonga anao hanatanteraka io tetikasa io?

- Ny tenako fony fahakely dia efa nivavaka ka niditra mpikambana ao amin'ny "FANILO MADAGASIKARA"
- Rehefa tanora ny tenako dia nitarika ireo tanora lahy sy vavy namako ireo mba hiatrika zavatra mafy amin'ny fiainana, namolavola azy ireo mba ho olombanona ka sahy hamaha olana koa, fitaizana ara-panahy sy ara-batana ary ara-tsaina

Raha mihoatra amin’ireo tanjona 28 ao amin’ny Fenitry ny SADC, inona amin’ireo tanjona ireo no noezahana notratrarina?

TANJONA	ASA NATAO
Andininy faha 12 - 13	Hametraka ny fandraisana anjara ny vahivavy anjara mivantana amin’ny rafitra fanampaha-kevitra momba ny fifidianana, indrindra amin’ny fanamorana ny fanamafisana ny fahaiza-manao amin’ny fametrahana rafitra hanatsarana ny fandraisana andraikitra mety hatera’izany. Hametraka 50% amin’ny toeram-panampahan-kevitra na amin’ny fanjakana na amin’ny tsy miankina ho tazonin’ny vehivavy.

Iza ny olona nokendrena hahazo tombontsoa avy amin’ilay tetikasa?

- Ireo tanora lahy sy vavy mivavaka na tsy mivavaka sy Ray aman-ndreny nitaiza;Ny Fiangonana sy mpiara-dia amin’ny “FANILO MADAGASIAKRA”;Ny mpiara-mivavaka.
- Misy 250 eo ho eo, ka ny vehivavy 150 sy lehilahy 100.
- Amin’ny maha mpitarika tanora kristianina ny tenako dia tsapako fa ilaina ny fandraisana andraikitra eo amin’ny sehatra fanampahan-kevitra ny tanora lehilahy sy vehivavy.

TANJONA

Ny tanjona napetraka;Rehefa feno 18 taona niakatra ny tanora lahy sy vavy dia mba mandray anjara eo amin’ny raharaha rehetra mba sahy hitarika Fikambanana hirotsaka ho fidina, hitantana zavatra na mivantana na tsia.

Naharitra hafiriana izany tetikasa izany ary inona avy ny dingana narahina hanatanterahana izany?

- Nanomboka ny taona 1995 dia efa niditra Fanilo ny tenako ka anisan’ny naharitra ilay zavatra nataoko ka nananako traikefa.
- Nobehazina izy ireo hivondroa sy hifanakatia .
- Fampiofanana eo amin’ny lafiny ara-tsaina sy ara-panahay ary ara-pitondran-tena no fomba iray netina hitarihana olona .
- Famahana olana eo amin’ny fiangonana, fianakaviana, mpiaraha-monina , firenena .
- Mitarika tanora mba hanatanteraka ny fampandrosoana rehetra sy hivondrona handray andraikitra mitovy ny tanora rehetra.

Inona avy ny fitaovana nampiasaina nentina nanatanterahana ny asa?

- Ny Baiboly, boky fototra izay misy ny lalàna fototra mifehy ny fikambanana “FANILO ETO MADAGASIKARA”
- Ny boky kely izay misy sokajin’olona , tsy manavaka olona na fiaviana , na fiteny , karazana, fa mitovy ihany ny olona rehetra eo amin’ny “FANILO MADAGASIKARA



Inona avy ny vokatra azo?

- Mihabetsaka ny tanora hiditra ao amin’ny “FANILO MADAGASIKARA “ . Tsy mitsahatra mitombo ny isan’ny tanora miditra ho mpikambana.
- Tamin’ny taona 1995 dia teo amin’ny 28 ny isan’ny mpikambana
- Tamin’ity taona 2013 ity dia mahatratra 250 ny isan’ny mpikambana
- Hita amin’izany tokoa fa nitombo eo amin’ny folo heny ny isan’ny mpikambana
- Samy efa afaka mana-pakevitra ny mpikambana rehetra

FIOVANA

- Fijoroana avavolombena
- Izaho Ray aman-drenin’i Valancia dia mankasitra ny zavatra nataony Be Francia tamin’ny zanako satria hatramin’ny nidirany fikambanana dia tsy saro-kenatra intsony izy, ary sahy maneho ny heviny ao antokan-trano sy any ampianarana, ka isaorako ny mpitondra fikambanana “FANILO MADAGASIKARA”

LESONA

- Ny lesona azo tsoahina dia rehefa nahao zavatra dia mila fifantohana-tsaina, fasahiana, fananentanana, fitsi-pifehezana, fanajana fotoana, fampiasana ny miralenta.
- Mila ezaka lehibe ny fandren-dahatra ny tanora rehetra mba hiditra ao amin'ny "FANILO MADAGASIKARA" ka ny fiaraha-mientana no torolanana mahomby

DINGANA MANARAKA

- Famporisihina ny mpikambana mba haleo tena eo amin’ny sehatry ny maha olona toy ny :
- Famporisihina ny tanora mba hanana tanjona
- Famporisihana ny tarona hanadray andraikitra eo anivon’ny firenena
- Manana zo ny tanora ary tokony hampahafantarina azy izany, indrindra ao anatin’izao fotoam-pifidianana izao (zo hilatsaka hofidina , zo hifidy, zo hanaramaso ny fifidianana)
- Fahaizany mitantana ny orinasa ananany